**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
***Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana***

# LOI n° 2004 - 026

**Autorisant la ratification de l'Accord de financement de développement conclu le 21 juin 2004 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au Crédit à l'Appui de la Réduction de la Pauvreté**

## EXPOSE DES MOTIFS

Afin de procéder au financement de l'Appui à la Réduction de la Pauvreté, la République de Madagascar a conclu le 21 juin 2004 un accord de financement d'un montant de 85.500.000 (QUATRE VINGT CINQ MILLIONS CINQ CENT MILLE) DTS, équivalent à 125.000.000 (CENT VINGT CINQ MILLIONS ) USD soit environ DEUX CENT SOIXANTE SIX MILLIARDS SIX CENT MILLIONS (266.600. 000 000 ) ARIARY avec l'Association Internationale de Développement.

## I- OBJECTIFS DU FINANCEMENT

Le financement vise à réduire la pauvreté à travers une croissance économique forte, pérenne et équitable. Les résultats globaux attendus sont :

i. une croissance économique moyenne (PIB) de 6% entre 2003 et 2006 ;
ii. une réduction de l'incidence de la pauvreté de 73% en 200 à 68% en 2006.

## II- AXES STRATEGIQUES

a) Instauration d'une bonne gouvernance :

- amélioration de la performance de la gestion des finances publiques ;
- lutte contre la corruption ;
- décentralisation ;
- augmentation des recettes générées par la Douane ;
- amélioration de l'efficacité du système juridique.

b) Croissance à base élargie :

- développement du secteur privé ;
- commerce ;
- infrastructure ;
- développement rural ;
- environnement.

c) Promotion des systèmes de sécurisation humaine, matérielle et de protection sociale élargie :

- éducation ;
- santé ;
- nutrition ;
- eau et assainissement.

## III - CONDITIONS FINANCIERES DU FINANCEMENT

Le financement est constitué de :

- un prêt d'un montant de 25.300.000 DTS, soit environ 79.000.000.000 ARIARY ;
- un don d'un montant de 60.200.000 DTS, soit environ 187.600.000.000 ARIARY.

Conditions financières du prêt :

**Durée** : 40 ans, y compris un différé d'amortissement de 10 ans.

**Commission de service** : 0,75% par an, sur le montant du prêt décaissé.

**Commission d'engagement** : 0,50% sur le montant de prêt non décaissé et

non remboursé, commençant à courir 60 jours après la signature de l'Accord.

**Echéance** : versements semestriels et consécutifs dont le 1er sera effectué le 15 janvier 2015 et le dernier au 15 juillet 2044.

Aux termes de l'article 82, Paragraphe VIII de la Constitution, « la ratification ou l'approbation de traités … qui engagent les finances de l'Etat …doit être autorisée par la Loi ».

Tel est l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

# LOI n° 2004 - 026

**Autorisant la ratification de l'Accord de financement de développement conclu le 21 juin 2004 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au Crédit à l'Appui de la Réduction de la Pauvreté**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 13 juillet 2004 et du 21 juillet 2004, la Loi dont la teneur suit :

**Article premier**- Est autorisée la ratification de l'Accord de financement de développement conclu le 21 juin 2004 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au financement du Crédit à l'Appui de la Réduction de la Pauvreté d'un montant de 85.500.000 (QUATRE VINGT CINQ MILLIONS CINQ CENT MILLE ) DTS, équivalent à 125.000.000 (CENT VINGT CINQ MILLIONS )USD soit environ DEUX CENT SOIXANTE SIX MILLIARDS SIX CENT MILLIONS (266.600.000.000 ) ARIARY .

**Article 2-** La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

**Antananarivo, le 21 juillet 2004**

| | |
|---|---|
| **LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,** | **LE PRESIDENT DU SENAT,** |
| **LAHINIRIKO Jean** | **RAJEMISON RAKOTOMAHARO** |

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA 028/2004 tamin'ny 29 jona 2004.**

**Manome alàlana ny fankatoavana ny fifanarahana famatsiam-bola ho an'ny fampandrosoana izay natao tamin'ny 21 jona 2004, teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana momba ny famatsiam-bola ho Fanohanana ny Fampihenana ny Fahantrana**

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Ahafahana mamatsy vola hanohanana ny fampihenana ny fahantrana, ny Repoblikan'i Madagasikara tamin'ny 21 jona 2004 dia nanao fifanarahana famatsiam-bola tamin'ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana izay mitentina 85 500 000 (DIMY HETSY SY DIMY AMBY VALOPOLO TAPITRISA) DTS na 125 000 000 (DIMY AMBY ROAPOLO AMBY ZATO TAPITRISA) USD izay manodidina ny 266 600 000 000 (ENIN-JATO TAPITRISA SY ENINA AMBY ENIM-POLO SY ROANJATO LAVITRISA) ARIARY.

**I - TANJONA**

Ny vola vatsiana dia entina hampihenana ny fahantrana amin'ny alalan'ny fiakaran'ny toe-karena matanjaka, maharitra ary mitovy ho an'ny rehetra.
Ireo vokatra faobe andrasana dia :

(i) fiakaran'ny toe-karena (Harin-karena Anaty Faobe) manodidina ny 6% eo anelanelan'ny taona 2003 sy 2006 ;
(ii) fampihenana ny fiantraikan'ny fahantrana izay 73% tamin'ny taona 2003 mba ho 68% amin'ny taona 2006.

**II - SEHATRA ARA STRATEJIKA**

**Fananganana ny Fahaiza-mitantana :**

- Fanatsarana ny ezaka vita eo amin'ny fitantanana ny volam-

panjakana ;

- Ady amin'ny kolikoly ;
- Fanaparihaham -pahefana ;
- Fampitomboana ny vola miditra avy amin'ny fadin-tseranana ;
- Fanatsarana mba hahombiazan'ny rafitra ara-pitsarana ;
- Fampandrosoana mivelatra ifotony ;
- Fampandrosoana ny sehatra tsy miankina ;
- Varotra ;
- Foto-drafitrasa ;
- Fampandrosoana ny eny ambanivohitra ;
- Tontolo iainana ;
- Fampiroboroboana ny rafitra fiarovana ny maha olona sy ara-pitaovana ary fampivelarana ny fiarovana ny mpiara-belona :
- 
    - Fanabeazana
    - Fahasalamana
    - Sakafo
    - Rano fisotro madio sy ny fanadiovana

## III - FEPETRA ARA-BOLA

Ny Famatsiam-bola dia mitsinjara toy izao:

- Vola hindramina izay mitentina 25 300 000 (TELO HETSY SY DIMY AMBY ROAPOLO TAPITRISA) DTS izay manodidina ny 79 000 000 000 (SIVY AMBY FITOPOLO LAVITRISA) ARIARY.

- Fanomezana izay mitentina 60 200 000 (ROA HETSY SY ENIPOLO TAPITRISA) DTS izay manodidina 187 600 000 000 ( NY ENIN-JATO TAPITRISA SY FITO AMBY VALOPOLO AMBY ZATO LAVITRISA) ARIARY.

| | |
|---|---|
| Faharetan'ny famerenam-bola | : 40 taona, ao anatin'izany ny 10 taona tsy handoavana |
| Tamby amin'ny fampiasam-bola | : 0,75% isan-taona amin'ny vola nampiasa nefa tsy voaloa |
| Tambim-panekena | :0,50% isan-taona, amin'ny vola tsy mbola nampiasaina sy tsy naverina, manan-kery manambola 60 andro aorian'ny nanaovan-tsonia ny fifanarahana |

Fetrandro : efaina isaky ny enim-bolana misesy ka ny voaloany dia 15 janoary 2015 ary ny farany dia ny 15 jolay 2044.

Ny Minisitry ny Toekarena, ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola no miandraikitra ny Famelabelarana ny antonantony sy manohana ny ady hevitra.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-82 paragrafy VIII ao amin'ny Lalàmpanorenana "… ny fankatoavana ny fifanarahana izay mampiditra andraikitra hoefaina amin'ny volam-panjakana … dia tokony omen-dalana amin'ny alàlan'ny lalàna".

Izany, no antonanton'ity Volavolan-dalàna ity.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA 028/2004 tamin'ny 29 jona 2004.**

**Manome alàlana ny fankatoavana ny fifanarahana famatsiam-bola ho an'ny fampandrosoana izay natao tamin'ny 21 jona 2004, teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana momba ny famatsiam-bola ho Fanohanana ny Fampihenana ny Fahantrana**

Nolanian'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriany izay nataony ny faha 12 jolay 2004, izao Volavolan-dalàna manaraka izao.

**Andininy voalohany** : Ekena ny fankatoavana ny fifanarahana momba ny famatsiam-bola ho Fanohanana ny Fampihenana ny Fahantrana natao ny 21 Jona 2004 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana izay mitentina 85 500 000 (DIMY HETSY SY DIMY AMBY VALOPOLO TAPITRISA) DTS na 125 000 000 (DIMY AMBY ROAPOLO AMBY ZATO TAPITRISA) USD izay manodidina ny 266 600 000 000 (ENIN-JATO TAPITRISA SY ENINA AMBY ENIM-POLO SY ROANJATO LAVITRISA) ARIARY.

**Andininy 2** : Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i

Madagasikara ity Lalàna ity.

Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

**Antananarivo faha 12 jolay 2004**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**NY SEKRETERA,**

**LAHINIRIKO Jean**